Diso mpitondra ny vahoaka 2

**Tratry ny fitondrana mitanila ny Malagasy**

Vehivavy mpanao gazety : AFJM 3

**Manahy amin'ny ho avin'ny asan-gazety iray manontolo**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 1 aprily 2023 Laharana 1420 Vidiny : 600 Ar


Vondron'ny mpanohitra G5 2

**Hatao amin'ity taona ity ny fikaonandoha sy ny fifidianana**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto



Federasionan'ny mpanao gazety FAJM 2

## Mitaky maika ny fanokafana ny La Gazette de la Grande Ile



Lola Rasoamaharo 2

## Naverina eny Antanimora rehefa avy niakatra fampanoavana




Raharaham-pirenena 2

## Mandraisa andraikitra arak'izay tandrify anao hoy ny FFKM



Andry Rajoelina 2

## Filoha, mpitari-bato vilam-bava



Noho ny orambe 6

**Trano nirodana namono olona 5 tetsy Behoririka**

Eric Rabesandratana 5

**Nosoloina an'i Dupuis noho ny tsy fitiavana an'i Arizaka Raoul**

Daka kely



Toa efa ho vaky izany sambo zany ry Boaikely a !

RAHARAHAM-PIRENENA

## Mandraisa andraikitra arak'izay tandrify anao hoy ny FFKM

Nifarana omaly ny fihaonamben'ny FFKM : Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara, naharitra hateloana teny amin'ny FOFIKRI ilafy. Ny tenin'ny soratra masina ao amin'ny Jeremia 1/10 DIEM : « Jereo fa omeko fahefana ianao anio amin'ireo firenena sy fanjakana mba hanongotra sy hanjera, hanapotika sy handrava ary hanorina sy hamboly indray », no loha-hevitr'izao fihaonambe izao. Nisy ny fanambarana iombonana natao tamin'ny fiafaran'ny fivoriana omaly : nanambara ny FFKM fa tokony handray andraikitra arak'izay tandrify azy ny tsirairay eto amin'ny firenena. Miantso ny vahoaka malagasy manontolo izy ireo : tsy ny vahoaka ao anatin'ny FFKM ihany, tsy ny vahoaka kristiana ihany, fa ny vahoaka malagasy tsy vaky volo, mba ho olom-pirenena vanona sy tomponandraikitra. Adidintsika hoy ny fanambarana ny mijoro fa firenentsika ity, dia isika no sarotiny amin'ny zotram-pifidianana izay atao. Misorata anarana amin'ny lisi-pifidianana, hamarino ny anaranao any amin'ny lisi-pifidianana ary rehefa tonga ny fifidianana, mandraisa anjara ianao. Mirotsaha ianao handray andraikitra arak'izay manandrify anao, mba hahatanteraka izany ho amin'izay tena ahasoa ity tanindrazana iombonana ity.



*Ny FFKM, teny amin'ny FOFIKRI Ilafy Antananarivo Avaradrano omaly.*

***Isambilo***

Vondron'ny mpanohitra G5

## Hatao amin'ity taona ity ny fikaonandoha sy ny fifidianana

Nitafa tamin'ny mpanao gazety ny vondron'ny mpanohitra G5, tao amin' ny Motel d'Antananarivo Anosy omaly, mikasika ny raharaham-pirenena, satria araka ny nambaran'izy ireo dia masimandidy sy tompon'ny fahefana eto amin'ny firenena ny vahoaka. Tsy maintsy tanterahina amin' ity taona ity ny fifidianana ho filohampirenena ho fanajàna ny lalam-panorenana. Mialoha izany anefa dia tsy maintsy tanterahina ny fikaonandohampirenena handrasan'ny rehetra anjara, handinihana sy hitadiavam-bahaolana amin'ireto teboka manaraka ireto : Lalampifidianana sy lisi-pifidianana ary ireo rafitra hikarakara fifidianana eken'ny rehetra. Eo koa ny handinihana ny fanarenana ny firenena izay tena latsaka lalina ao anaty fahantrana tanteraka sy krizy lalimpaka. Noho izany , miantso ny fitondrampanjakàna ny G5, mba handray ny andraikitra tandrify azy araka ny voalazan'ny lalampanorenana andininy faha 61. Miantso ny ray amandreny ampanahy sy ara-drazana, mba hijoro ho mpanelanelana . Miantso ny herivelona sy ny vahoaka Malagasy ; indrindra ny vato nasondrotry ny tany, mba hanambatra ny hery , handray an-tanana ny ho avin'ny firenena sy ny taranaka mifandimby. Ary farany , miantso ny vondrona iraisam-pirenena hanolotanana, hahatongavana amin'ny tanjona iombonana hisian'ny fitoniana sy fampandrosoana mirindra eto Madagasikara .



*Ireo avy amin'ny G5, nitafa tamin'ny mpanao gazety tetsy Anosy.*

***Helisoa***

Lola Rasoamaharo

## Naverina eny Antanimora rehefa avy niakatra fampanoavana

Naverina eny amin'ny fonjan'Antanimora indray, ny filoha tale jeneralin'ny gazety La Gazette de la Grande Ile, Lola Rasoamaharo, rehefa avy niakatra fampanoavana teny amin'ny fitsarana Anosy omaly. Niakatra Fampanoavana fanindroany i Lôla Rasoamaharo, filoha Tale Jeneralin'ny orinasan-gazety La Gazette de la Grande Île.

Raha vehivavy mpandraharaha niara-niasa taminy no nitory azy ho nanao fitakiam-bola tsy ara-drariny, miaro fanalam-baraka, ka nitazonana amponja vonjimaika azy eny Antanimora nanomboka ny sabotsy lasa teo, dia fitoriana nataon'ny orinasa Jirama indray ity niakarany Fampanoavana omaly ity. Raharaha izay efa tamin'ny taona 2016 izao niakarany teny amin' ny Fitsarana Anosy izao. Nialohavana fanagiazana ireo fitaovan'ny gazety ity raharaha ity teny amin'ny Villa La Pradon afak'omaly, nalain'ny zandary tao avokoa ny fitaovan'ny gazety La Gazette de la Grande Ile. Mitohy ny famotehana mpanao gazety sy orinasa fanaovan-gazety ataon'ny fitondrana Rajoelina.



*Lola Rasoamaharo, teny amin'ny Fitsarana Anosy omaly.*

***Stefa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

### Diso mpitondra ny vahoaka

## Tratry ny fitondrana mitanila ny Malagasy

Izao fitondrana Rajoelina izao no mby amin'ilay teny ao anaty Baiboly hoe : ny sombin-kazo eny amin'ny mason'ny olona no hitany, fa ny andry eo amin'ny masony tsy hitany. Maneho izany ny zava-mitranga ataon'izao fitondrana izao. Ny farany teo, ny nanakianany ny loko ampiasain'ny depiote Siteny entiny mitety faritra samihafa eto amin'ny Nosy, sy indrindra ny nisian'ilay loko mifanandrify amin'ny izany ampisainy izany amin'ilay tsangambato ao Antsirabe, natao ho fahatsiarovana ny andron'ny 29 Martsa. Miharihary anefa ity lokon'ny fitondrana mipetaka etsy sy eroa sy indrindra amin'ny tranompanjakana hatramin'ny sekoly, izay tsy tokony anaovana izany velively, fa mampifangaro ny sehapanabeazana amin'ny resaka politika. Efa hadisoana lasa lavitra be izany kanefa tsy miteny na kely aza momba izany ireo olon'ny fitondrana nanakiana ny lokon'ilay depiote manomboka ampiasainy amin'izao fotoana izao.

Tsy atao hahagaga mihitsy aloha ny amin'izany, raha hoan'izay mahafantatra tsara ny fomba fiasa ratsin'izao fitondrana izao. Ny fomba ratsiny, izy afaka manao amin'ny zavatra iray, ohatra, fa ny hafa izay te hanao mitovy amin'izany, dia sakanana. Anisan'izany, ny sakantsakana manjo ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) tamin'ny toerana maro samihafa, eny na dia any amin'ny toerana an'olon-tsotra manokana aza. Nanomboka teo Ambohijatovo io fomba ratsiny io. Izy nitokana azy ho toeran'ny demôkrasia, dia nankeo nandrodana sy nanongampanjakana ny taona 2009, fa taorian'izay, rehefa azony ny fitondrana dia nofoanany io toerana io ary tsy misy mahazo mankeo intsony maneho hevitra. Niitatra tamin'ny sehatra maro samihafa io fihetsika ratsy io, izay manome môdely ratsy ny taranaka fara aman-dimby satria i Madagasikara dia nampizorana ho amin'ny lalana Repoblikana, sy taty aoriana sy mandraka ankehitriny ny momba ny demôkrasia. Efa nitranga ihany koa ny toe-javatra toy izany tamin'ny fotoanan'ny krizy ara-pahasalamana 2020-2021 ireny, tamin'ny fanakantsakanana ny hafa. Mbola nitohy sy iaraha-mahita tsara izany tato ho ato, toy ireny nanjo ny vehivavy TIM Analamanga teny amin'ny Magro ireny ny andron'ny 8 Martsa lasa teo. Hita etsy sy eroa koa izany ao anatin'izao fotoana mialoha ny fifidianana izao, izy afaka mangalatra fiaingàna (départ), ny hafa feheziny tsy afa manao hetsika fanentanana hijery ny anarany amin'ny lisi-pifidianana any amin'ny fokontany.

Namaritra araka izany ny mpamakafaka politika, fa ity fitondrana Rajoelina ity, dia fitondrana mitanila, miangatra, fa tsy mampitovy lasitra iray ny rehetra. Fomba fiasa ratsy toy izany, tsy hahasoa ny vahoaka malagasy velively sy hamotika mihitsy aza, fa lainga sy famitahana fotsiny ny filazany hoe firaisankina. Diso mpitondra ny vahoaka ny vahoaka malagasy…

***Sôh'son***

Federasionan'ny fikambanana mpanao gazety FAJM

## Mitaky maika ny fanokafana ny La Gazette de la Grande Ile

Manoloana ny zava-misy eto amin'ny firenena amin'izao fotoana, nanao fanambarana tetsy Antanimena ny FAJM : Federasionan'ny fikambanan' ny mpanao gazety eto Madagasikara :

« Manoloana ny zava-misy eto amin'ny firenena, izay miantraika mafy amin'ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety. Mijoro ny Fédération des Associations des Journalistes à Madagascar, manao izao fanambarana izao : miendrika fanakatonana ny gazety ny fakana ny fitaovan'ny mpanao Gazety am-perinasa, izay voararan'ny lalàna. Ny fanakatonana ny gazety izay tsy nialohavana fampitandremana. Na avy amin'ny OJM, na avy amin'ny minisitera, dia miendrika fampitahorana ny mpanao gazety rehetra, izay sahy miteny, sy sahy mandeha lalindalina sy lavitra kokoa amin'ny fikaroham-baovao. Koa satria tsy misy fanamelohana ara-pitsarana ny La Gazette de la Grande Ile, noho izany, sady tsy ara-drariny no tsy ara-dalàna ny fakàna ny fitaovan'ny La Gazette. Fanitsakitsahana ny Lalampanorenana, fanosihosena ny zo ampahalala vaovao, sy ny zo fototry ny olom-pirenena ahazo vaovao maro lafy ny fanakatonana ny Orinasan-gazety tahaka izao. Tsy miditra amin'ny raharaham-pitsarana mikasika an'i Lola Rasoamaharo amin'ny maha-olom-pirenena azy ny Federasiona, saingy saro-piaro amin'ny lanja sy ny hasin'ny Orinasan-gazety. Mahagaga ny fahanginan'ireo Lehiben'ny Orinasan-gazety eo anivon'ny GEPIM, izay sokajianay ho ray aman-dreny, satria isan'ny akaikin'ny Mpanao Gazety izy ireo. Manentana ny Fikambanan'ny mpanao Gazety rehetra, ny mpanao Gazety tsirairay, hijoro sy hitsangana, sy hiray hina manoloana izao toe-javatra izao ».



***Nanonin'i Niaina***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Andry Rajoelina

# Filoha, mpitari-bato vilam-bava

Nanao antso tamin'ny Malagasy indray ny filohan'ny Repoblika IV-2, Andry Rajoelina ny 29 Martsa lasa teo, hiray hina sy handresy ireo sakana amin'ny fampandrosoana ny Firenena. Ny manahirana anefa dia na ny fihetsika na ny teny aloaky ny vavany tato ho ato, dia izy mihitsy no manao fihantsiana amin'izay heveriny fa mpifanandrina aminy sy izay lazainy fa mpanohitra ny fampandrosoana novinainy ho tanterahina. Midika fa mpitari-bato vilam-bava ity filoha mpampahantra vahoaka ankehitriny ity. Manampy trotraka izany ny zava-misy eo anivon'ny mpiray donakafo aminy, izay miharihary fa mitombo andro aman'alina ny tsy fifankazahoan-kevitra sy ny fanilikilihana ary ny fanomezana tombony ny sasantsasany, hany ka tsy takona hafenina intsony fa mifanipaka toy ny valala an-karona izy ireo. Maneho ny fahadisoam-panantenany ny mpamboly sy ny mponina any amin'ny Faritra noho ny tsy fanatanterahany ny fampanantenana natao. Miha- mahery vaika ihany koa ny fitakian'ny mpianatra eny amin'ny Anjerimanontolo, tsy eny Vontovorona ihany fa hatrany Barikadimy. Miditra amponja avokoa izay rehetra tratry ny tondro-molotra, ka hamoronana vesatra hiampangana azy. Mitaky ny karamany na ny tambin-karamany ny mpiasa sasany eo anivon'ny sehatry ny asam-panjakana. Matoa misy ireo toe-javatra ireo dia azo inoana fa misy diantànan'ny filohan'ny Repoblika, satria hita amin'ny ataony rehetra fa sady an-tsaha izy no an-tanàna. Araka izany dia mavaivay ny toe-daraharaha eo amin'ny sehatra rehetra. Nanomboka tamin'ny fitsipaham-pitokisana nosoniavin'ny depiote 105, no niandoha ny fihantsiana satria tsy ao anatin'ny fahefan'ny filohan'ny Repoblika, araka ny Lalàmpanorenana, ny mampiantso sy mandrahona solombavambahoaka. Taratry ny disadisa anatiny ao amin'ny fitondrana ny resaka Omda, izay mampifanandrina ny depiote Rossy, miaraka amin'ireo mpanakanto, sy ny minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina Lalatiana Rakotondrazafy. Na tiana na tsy tiana dia neverin'ny Jeneraly Lylison fa tsy nisy tambiny ho azy mihitsy ny fikelezan'ainy tamin'ny nanohanany ny filohan'ny Repoblika ho eo amin'izany toerana izany. Mba niandrandra ny ho SEG izy amin'izao faramparan'ny fe-potoana itondran-dRajoelina Andry izao. Fihantsiana no azo ilazana ny sakantsakana atao amin'ny antoko politika na fiarahamonim-pirenena na fikambanana hanao hetsika, tsy hidina an-dàlambe, fa amina toerana mifefy, kanefa ireo rehetra manohana ny fitondrana dia malalaka amin'izay tiany atao, na aiza na aiza amin'ny fotoana rehetra. Fandranitana ny olompirenena te-haneho hevitra momba ny tsy fahazakana intsony ny fiakaran'ny vidim-piainana ny fanakanana azy ireo amin'izany. Ny tranga tany Mananjary sy Manakara dia mampibaribary ny fisaraham-bazana sy ny fivakisana eo anivon'ny fitondrana, ka na vitsy an'isa ireo depiote manaraka an'i Siteny, ka tsy mampihena ny herin'ny mpanohana ny filohan'ny Repoblika, dia mihenjana ny tady ary tsy maintsy ho tapaka amin'ny farany. Famakiana ady amin'ny vahoaka any Sambava, nanery ilay mpitondra Bajaj nanala ny akanjo miloko lôranjy, ny fanomezan'ny filohan'ny Repoblika baiko ny Sekreterampanjakan'ny Zandarmariam-pirenena hanery olona nanao hetsika hanondro izay nanakarama azy ireo, ka ho faiziny izay voampanga. Tsara ho fantatra, fa efa mafana ny toe-draharaha any amin'ny Faritra noho ny resaka lavanila, ka tsy fantatra izay ho fiantraikan'izany teny misary fihantsiana izany. Nampiakarina ho amin'ny gradin'ny jeneraly ireo manamboninahitra ambony eninambitelopolo izay mampieritreritra ny nisafidianana azy ireo, satria tsy vitsy ireo manamboninahitra ambony nivoaka tamin'ny andiany tany aloha kanefa tsy nampiakarina mihitsy. Heverina fa hiteraka fifandrafiana fifanenjehana eo anivon'ny foloalindahy izany, satria tsy azo lavina fa samy manana izay mpanohana azy na ny nampakarina grady na ny tsy nampakarina. Nanao antso hirosoana amin'ny fifidianana ny FFKM, ka namporisika ny manan-jo hifidy rehetra hisoratra anarana ao amin'ny lisitry ny mpifidy. Miantso ireo manaika hanaraka ny fitsipi-dalao mifototra amin'ny "Fahamarinana" araka ny Soratra Masina: "Ny fahamarinana no manandratra ny Firenena". Tsy "dogme" izany fa "principe" izay ifaneken'ny olompirenena rehetra, vonona hanaramaso sy hijoro amin'ny fahamarinana amin'ny fifidianana. Amin'ny maha minisitra azy dia tsy anisan'ny nametraka fehezam-boninkazo niaraka tamin'ny filohan'ny Repoblika sy ny ministry ny Fiarovam-pirenena, teny amin'ny Fasan'ny Mahery Fo, Ambohitsaina, ny SEG Serge Gellé izay tsy azo lavina fa nihevitra fa fanilikilihana azy izany. Fihantsiana ny "hery fahaefatra" (fanaovan- gazety) ny fanakatonana sy fandraofana ny fitaovan'ny "La Gazette de la Grande Ile", ka na tiana na tsy tiana dia hiteraka fifandrafiana eo amin'ny mpanao gazety mpanohana ny fitondrana sy ny mpanao gazety mpanohitra ny fitondrana izao fihetsika ataon'ny fitondrana izao. Azo lazaina fa "mpitari-bato vilam-bava" ny filohan'ny Repoblika satria mifanohitra amin'ny baiko omeny ireo mpiaradia sy mpanohana azy ny fampandriana adrisa dradradradrainy etsy sy eroa. Ny fanirian'ny olompirenena manam-panahy sy manana fahendrena ary sahy mijoro amin'ny fahamarinana dia tsy ho toy izao fandranitana sy fihantsiana ataon'ny mpitondra izao, no làlantsaina hizoran'ny mpanohitra, ka hahilika lavitra ny fitiavan-tena sy fitiavan-kely.

***Andry Tsiavalona***

VEHIVAVY MPANAO GAZETY : AFJM

# Manahy amin'ny ho avin'ny asan-gazety iray manontolo eto Madagasikara

Manoloana ny raharaha Lola Rasoamaharo sy ny manjo ny gazety La Gazette de la Grande Ilea-min'izao fotoana, nanao fanambarana ny fikambanan'ny vehivavy mpanao gazety eto Madagasikara : Association des Femmes Journalistes de Madagascar (AFJM). Manambara izy ireo fa miombom-po amin'ireo mpanao gazety La Gazette de la Grande Ile izay very asa sy sahirana ary tsy milamin-tsaina ankehitriny.



*Ny sasany amin'ireo mpikambana ao amin'ny AFJM.*

Maneho koa ny fanahiany amin'ny ho avin'ny fanaovan-gazety iray manontolo eto Madagasikara amin'ny fahafahana miteny.

Mitaky ny fahazoana vaovao mitombina sy ilaina, ho ampitaina amin'ny vahoaka, fa tsy ho fenoina sakantsakana na avilivily vao omena vaovao.

Ny AFJM dia manantitra fa :

Mafy ny hoe anatin'izao vanimpotoana izao dia mbola hisy very asa;

Tsy vahaolana araka izany ny endrika fanakatonana orinasa fanaovan-gazety izay orinasa mamelona malagasy maro;

Mino sy matoky ny AFJM, fa hisy ny vahaolana haingana ijerena ny marimaritra iraisana, hahafahan' ireo malagasy manambady aman- janaka hiverina amin'ny asany;

Aoka ho sarahina ny resaka politika sy ny asa fanaovan-gazety.

***Nangonin'Isambilo***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Raharaha La Gazette

### Mety hitondra ho amin'ny tsotsorimamba isarahan'ny mpitondra

**Arphine Rahelisoa Helisoa :** misy gendarme tonga ao amin'ny foiben'ny La Gazette de la Grande île izao alina izao. Lasa daholo ny Ordinateur rehetra ,eny fa hatramin'ny seza nobatain zareo
Tsy afaka miasa ny La Gazette izao alina izao.
Toa hoe atao saisie ? Mampiseho ny maha jadona ny fitondrana misy ny zava-miseho.

**Eric Razafimahefa :** tonga amin'ny tsotsorimamba izy zany. Hitambatra ao koa zany ry mademôzely beuh sy izy mivady ary ireo nahazo mafy tam La Gazette, B.R , Jirama...=>60 mois ferme + lamandy miliara maromaro.

**Riana Sara :** RAHA NY FAHITAKO AZY DIA MISY INFORMATION TENA TIAN'NY MPITONDRA AFENINA MAFY AO AMIN'NY LAGAZETTE AO, ARY ATAHORAN-DREO MAFY.

**Romy Ratovoarison :** tena MARINA mihitsy zany voalazanao zany indrisy.

**Hantamalala Razanatsara :** tena henjana koa zany. Tena manao ramatahora mintsy reto tsy matahotody reto an!

**Noro Hanitra Ranaivoson :** odriiiii !

**Zo Vaovao Ofisialy :** tsy efa lera ve izao eee?

**Juliette Ranaivoarisoa :** mampalahelo kosa zany e. Betsaka ndray no very asa.

**Annie Hassan Tanguy :** raharaha zany.

**Mahefa Vononkiatrika :** faiziny koa zany ve?!

**Elly Sou :** manangana ady etsy sy eroa mihitsy.

**Riana Sara :** mitady tetezamita reo.

**Elly Sou : Riana Sara :** fika nôfa be.

**Rivo Andriamanalina :** zandary, any ambanivohitra no tokony miasa, fa Police no ety @ ville.

**Aurelie Raveloarisoa :** ndrekaky ô mampalahelo mintsy.

**Ramiarantsoa Luc :** efa miteny foana aho, fa fohanana no mety @ Gendarme e !

**Marco Randrianisa :** TARA LOATRA! EFA NANIDINA LAY ZAVATRA !

**Tahinjanahary Randriamampianina :** tsy te hiteny betsaka aho, fa ilay OJM aloha efa tokony ho ravaina ... Aiza ny firaisankinan'ny mpanao gazety ?

**Lova Rakotonirina :** bobaka indray no ho very asa izany ko!

**Jenny Rakotozafy :** tena la loi de la jungle ngaha ty?

**Soagasy Rafsah :** dia azy tokoa ve lay fahefana dia manampatra izy?

## TONONKALO

### Any ianao ry Tompondaka !

Aiza ianao ry tompondaka no tsy « mahazaka dona»?
Mbetika no miakatra afo sady tezitezi-poana.
Ny mpanohitra jereo fa efa miaraka mirona,
Ka hangala-bato sisa f'efa very ny finoana?

Ny ao anaty lamasinina efa be no niparitaka.
(Tsy matoky tompondaka na izany aza no anarany !)
Azo ambara ho tompony izy raha ny lainga sy ny fitaka,
Ka indreo mandositra azy ireo tsy te ho tratra farany !

Ho azy tsy izay hampandroso no laharam-pahamehana,
Fa ny mieboebo hatrany sy midehaka no hainy .
Fahantran'ireo vahoaka, izay no ilàna fanatrehana,
Saingy ho azy, tsy izany, fa manidina ny sainy !

...Hita ity ilay tompondaka fa tsy « mahazaka dona ».
Ireo izay mihetsika rehetra dia ezahiny kendaina.
Ry vahoaka malagasy, mijoroa ka mivondròna,
Tompondaka sandoka io ka mendrika ny hotsaraina !

*IRINA HO TAFITA (30-03-23)*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Vondron'ny mpanohitra G5, nitafa tamin'ny mpanao gazety, tetsy amin'ny Motel d'Antananarivo Anosy omaly.












Ny filoha tale jeneralin'ny La Gazette de la Grande Ile, niakatra teny amin'ny fampanoavana, tao amin'ny fitsarana Anosy omaly.









## NY TENY FIAINANA

*"Fa izay efa mahavatra tsara ny asan'ny diakona dia mahazo toerana tsara ho an'ny tenany sy fahasahiana lehibe amin'ny finoana izay ao amin'i Kristy Jesosy."*
***I Timoty 3:13***

ERIC RABESANDRATANA MPANAZATRA NY BAREA

# Nosoloina an'i Dupuis noho ny tsy fitiavana an'i Arizaka Raoul

Ampahatsiahivina fa nosoloina an'i Nicolas Dupuis ny mpanazatra Eric Rabesandratana, izay notendren' ny filohan'ny FMF Arizaka Rabekoto Raoul nitantana ny Barea, tamin'ny fifanintsanana Mondial Qatar 2022 ary saika mbola hanohy ny fifanintsanana CAN Côte d'Ivoire 2023, saingy noho ny tsy fitiavana an'io fanapahan-kevitra noraisiny io dia iny naverin'ireo mpikambana sasantsasany ao amin'ny FMF iny hitantana ny Barea indray ity mpazatra ity nefa tsy nahatafita intsony ny Barea any amin' io CAN 2023 io. Nanambara tamin'ny FMF ary ity mpanazatra ity mba hitady solony indray noho ny tsy fahombiazana in-4 miantoana azony teo amin'ireo lalao nitondrany indray ny Barea. Marihana fa mbola misy lalao 2 no hatrehan'ny Barea amin'io fifanintsanana CAN 2023 io ao amin'ny vondrona E misy azy, ka iza ary no ho tendrena hitantana vonjimaika indray an'ity ekipam-pirenena Malagasy ity ? Tamin'ny fotoanandrony nilazan'Andriamatoa Nicolas Dupuis ny hijanonany tsy hitantana intsony ny Barea hanomboka amin'ny volana septambra ho avy izao dia efa nipetraka ny amin'io handimby azy io, ka nilazan'ny mpitia baolina kitra Malagasy fa mila hovana ifotony mihitsy ny fitantanana an'ity Baolina Kitra Malagasy ity raha tena tiana ny hirosoany lavidavitra kokoa : ny fanoloana olona amin'ny fanaovana fifidianana manomboka any amin'ny seksiôna, mandalo amin' ny ligy, ka hatrany amin' ny Federasiôna no tiana ho lazaina amin'izany.

**Ny Valosoa**



*Ny mpanazatra Eric Rabesandratana (ankavia).*

Championnat de Madagascar Rugby Dames 2023

# Hifanesy ny lalao sokajy "2è Division" sy "1ère Division"

Hifanesy ny fanarahan'ny mpitia baolina lavalava ny lalaon'ireo andriambavilanitra sokajy "2è Division" sy "1ère Division" amin'ny fiadiana ny « Championnat de Madagascar de Rugby Dames 2023" anio sabotsy 01 aprily 2023 tontolo andro eny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka ary ho maimaim-poana na ho "Bôjo" hatrany ny fidirana manatrika an'izany eny amin'ity kianja ity. Fandaharan-dalao 09:00-Ftvl Lalamaty # Scb Besarety (2è Division), 11:00-Sabnam Sabotsy # Fanja Anjanahary (2è Division), 13:00-3Fb Fahasalamana # Rcts Soavimasoandro (1ère Division), 15:00-Ftm Manjakaray # Ftfa Antohomadinika (1ère Division).

**Rainilita**



*Rugby vehivavy Malagasy.*

Rugby XXL Top 20, 2023

# Miditra amin'ny andro faha-3 rahampitso alahady



*Rugby Usa Ankadifotsy.*

Miditra amin'ny andro fahatelo ny fifaninanana rugby « XXL Top 20 2023 » rahampitso alahady 02 aprily 2023 eny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka ka hifandimbiasan'ireo lalao 4 miantoana toy ny mahazatra. Fandaharan-dalao andro faha-3 09:00-Scb Besarety # Uasc Cheminot, 11:00-Cosfa Miaramila # Mang'Art Manjakaray, 13:00-Uscar Commune # Ftat Anosibe, 15:00-Ftm Manjakaray # Usa Ankadifotsy.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Saosety sy atody indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Rehefa masaka ny saosety dia arotsaka ny atody, hafangaro avy eo. Dia Mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Manadio aty ny ranon'apango na ranovola

Manadio aty ny ranon'apango na ranovola, io indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Ny ranovola ampiasaina dia ilay rehefa masaka ny vary, ka voaloatra, dia somary dorana kely ilay vary sisa miraikitra amin'ny vilany. Rehefa vita izay dia asiana rano ary avela hangotraka minitra vitsy.
Rehefa vita izay dia afaka misotro ianao amin'izay ora tianao hisotroana, fa ny ho singanina manokana dia ilay izy sotroina vao maraina.
Rehefa mahavita ranovola ianao amin'ny alina dia maka iray vera ary atokany amin'ny toerana mangatsiatsiaka. Rehefa taitra ianao ny maraina, ka mbola tsy mitsangana akory dia sotroy tsy misy fangarony ilay ranovola. Vita izany, dia miverena matory mihorirana manindry ankavanana, farafaha-haingany 20 minitra. Mety handrezatra ianao dia izay no ilaina. Tsy misy fetrany ny fanaovana azy. Ho tsapanao fa hiha-salama ny atinao sy ny fonao.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Sainte-Marie amin'ny faritra Analanjirofo

Ny tanànan'i Sainte-Marie na ny Nosy Boraha, renivohitry ny kaominina Sainte-Marie sy ny distrikan'i Sainte-Marie faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany, tao aorian'ny fampahafantarana ireo tanàna amin'ny kaominina miisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Maroantsetra. 222 km2 ny velaran'ny Nosy Sainte-Marie, ny toerana avo indrindra ao aminy dia 112 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Ambodifotatra no tanàna lehibe indrindra ao amin'ity Nosy ity. 30 km no elanelany amin'ny tanibe Madagasikara, fa ao Antsiraka Soanierana Ivongo, 5 km eo monja no elanelany amin'ny motontsirak'i Madagasikara. Mampalaza azy ny fizahantany, amin'ny fahatongavan'ireo Trozona na Zanaharibe any amin'ny fari-dranomasin'i Sainte-Marie iny rehefa volana aogositra eo. Misarika mpizahatany koa ny hakanton'ny moron-dranomasiny. Vokatra any koa anefa ny jirofo, ny lavanila, ny vary, ny mangahazo, ny vomanga,… Misy mpanjono koa ny mponina any Sainte-Marie. Lavalava ny endrik'ity nosy ity, 49 km eo ny halavany ary 5 km ny sakany. Eo atsimony no misy ny Ile aux Nattes, nosy kely 2,5 km ny halavany ary 1,5 km ny sakany. 200 m eo ny elanelan'ny Nosy Sainte-Marie sy ny Ile aux Nattes. Manana seranam-piaramanidina ity nosy ity amin'ny farany atsimon'ny Nosy Boraha, Ravoraha no anaran'ity seranam-piaramanidina ity. Ireo piraty na jiolahin-tsambo no anisan'ny tonga tany voalohany. Any Ambodifotatra Sainte-Marie no misy ny Eglizy katolika voalohany indrindra teto Madagasikara, vita tamin'ny taona 1857.



NOHO NY ORAMBE

## Trano nirodana namono olona 5 tetsy Behoririka



Ilay trano nirodana tetsy Behoririka.

Namono olona 5 ny trano nirodana iray tetsy Behoririka. Trano iray tetsy Behoririka ambadiky ny BFV, no nirodana tamin'ny 3 ora sasany maraina vokatry ny rotsak'orana omaly. Efa nisy ny olona voavonjin'ny mpamonjy voina ary mbola mitohy ny fijerena izay mbola tototra. Hatreto 5 no namoy ny ainy tototry ny tany, 9 kosa no avotra soa amantsara. Trano biriky misy rihana roa ity nihotsaka ity taorian'ny orambe niseho omaly alina. Olona 9 no avotra soa amantsara ary nalefa tsaboina eny amin'ny HJRA, araka ny vaovao avy amin'ny sampana mpamonjy voina. Noho izay voina izay, tonga teny an-toerana nijery izany ny depioten'ny Boriboritany faha-3 avy amin'ny antoko TIM, Feno Ralambomanana, nampahery ireo fianakaviana niharam-boina namoy havana, ary nirary fahasitranana ho an'ireo naratra sy nitondra fanampiana ho an'ireo avotra soa amantsara.

**Stefa**

Orange Pro-League 2022-2023

## Manonja Jasmine sy Toky no mpampidi-baolina be indrindra

I Jean Manonja Jasmine (Uscafoot) sy Rakotondrabe Toky (Cosfa) no mpilalao roa mpampidibaolina be indrindra (samy nahatafiditra baolina 6 avy) tao anatin'izay andro faha-11 efa natrehana tamin'ny fifaninanana baolina kitra "Orange Pro-League 2022-2023" izay arahan'i Realy Manahy (3Fb Toliara) nahatafiditra baolina 5. Tsiahivina fa lalao tokana anio sabotsy 01 aprily 2023 no ho tanterahina ao amin'ny vondrona "Conférence Nord" amin'ny fiatrehana ny andro faha-12 amin'ity fifaninanana ity dia ny fifanandrinan'ny Asa Fanalamagan sy ny Ajesaia any amin'ny kianja "Barikadimy Stadium Toamasina" Ireo lalao 2 hafa hatao rahampitso alahady 02 aprily 2023 ao amin'ity vondrona ity : 14:30-Uscafoot # Cosfa (kianja monisipaly Alarobia), 14:30-Fosa Juniors Fc # Tffc (kianja Rabemananjara Mahajanga). Fandaharan-dalao vondrona "Conférence Sud" alahady 02 aprily 2023 14:30-Zanakala Fc # Elgeco Plus (kianja "Stade Moderne Ampasambazaha Fianarantsoa), 14:30-3Fb Toliara # Jet Kintana (kianja Maître Kira Toliara), 14:30-Cffa # Dato Fc (kianja Elgeco Plus Stadium By-Pass).



Uscafoot OPL.

**Rainilita**

Tounoi de Pâques Nationala 2023

## Fantara avokoa ireo ekipa isam-paritra handray anjara



Andriamatoa Harison Philibert filohan'ny klioba 3Fa Avaradrano.

Fantara avokoa ankehitriny, raha ny fampitambaovao nataon-dRakotnirina Harison Philibert filohan'ny ekipan'ny 3Fa Avaradrano, mpikaraka ny fifaninanana baolina kitra « Tounoi de Pâques Nationala 2023 », natokana hoan'ireo sekolin'ny baolina kitra manerana ny Nosy, sokajy 10, 12, 14, 16, 18 taona ary ny vehivavy, izay hanomboka amin'ny alatsinainy 10 ka hatramin'ny sabotsy 15 aprily 2023 ho avy izao, etsy amin'ny kianja Fifankatiavana kaominina Ankadikely Ilafy Antananarivo, ireo ekipa isam-paritra handray anjara amin' izany fifaninanana izany. Faritra Analamanga : 3Fa Avaradrano, Ravinala Ambatomitsangana, B102 Atsimondrano, Afc Ankadikely, Jhaboady mena Ambohitrarahaba, Jsa Antanety Ankadikely, Soldat Soaniedanana Sab/Nam, Varatra Androhibe, Asa Androhibe, Etoile foot Ambohitrarahaba, Lion d'or Anosy Avaratra, Ersa Antanandrano, H+ Sab/Nam, Tfs Seranina Ambohipanja, Espoir mada Itaosy Atsimondrano, Tri j Ambohimanarina, Us avenir Ambohinaorina, Faritra Betsiboka : Fc scorpions, Avenir, Ekar, Faritra Boeny : 3f miray, Fc hyennes Marovoay, Faritra Bongolava : Jet academie , As tam babetville Sakay, Faritra Itasy : Efai. Ho an' ireo ekipa mbola tsy nahafeno ara-dalàna ny fepetra dia mampatsiahy ny mpikarakara fa azo soloina izy ireo na dia efa nisoratra anarana ny handray anjara aza. Misy trano (sekoly) natao hivatanan'ireo ekipa ivelan'ny Faritra Analamanga ka izy ireo no manefa ny hofatrano amin'izany. Mbola izy ireo ihany koa no miantoka ny saran-dalana mandroso sy miverina hatongavany aty Antananarivo, ny "assurances" an'ny mpilalaony, ny sakafony mandritra ny fifaninanana.

**Rainilita**

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

## Hanatanteraka varavarana misokatra faharoa ny 17 aprily izao

Mitohy hatrany ny ezaka ifotoran'ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) amin'izao fotoana izao. Ny asa ataony dia tohin'ny dinika teny Antaninarenina ny 8 Martsa lasa teo. Miainga amin'ny andry fototra sivy ny fomba fiasany, ka ao anatin'izany dia misy ny fametrahana asa amin'ny sehatrasa fito lehibe mifototra amin'ny fanovàna lasintsaina. Ireo sehatra fito ireo, dia mifantoka amin'ny zava-misy isiana olana lehibe eto amin'ny firenena, ka mampihitsoka azy toy izao sy mampilona azy anaty fahantrana lalina sy mampahory mafy ny vahoaka. Araka izany, dia hisy indray varavarana misokatra faharoa izay hotanterahiny ny 17 April ho avy izao. Mifandraika amin'ny dinik'asa efa natao teo aloha ihany ny varavarana misokatra atao manaraka izao. Mazava loatra, fa asaina hatrany ireo olona efa nanatrika izany sy nandray anjara tamin'ny dinika, ary ireo olon-kafa ihany koa izay liana amin'izany. Tsiahivina ny AFK dia fitaovana ihany ho amin'ny fanatanterahana ilay vinan'Andriamanitra momba an'i Madagasikara ho amin'ny hahasoa azy sy ny mponina eto ka hampamirapiratra azy aoriana kely ao. Ity Vovonana ity, dia efa nahavita dingana marobe ho amin'ny fanatanterahana izany hatramin'ny niorenany ara-panjakana ny taona 2017. Ankoatra ny boky fito izay niraketana sy nanehoany ireo dingana izorana ho amin'ny lalana hanatanterahana io vina lehibe io, dia misy ihany koa ny fitaovana iray lehibe môderina manaraka ny teknolojia ankehitriny. Io fitaovana io ilay rindrambaiko (logiciel) noforonin'ny manam-pahaizana malagasy ihany ka hokirakiraina amin'ny fanatanterahana ny asa eny anivon'ny fiaraha-monina amin'ny sehatra maro samihafa hatrany amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana. Afaka sy tokony ampisaina eny anivon'ny fiangonana ihany koa ary tena mahafaka olana maro izay fahita eny aminy. Ny andrasan'ny AFK, izay tsiahivina hatrany ihany koa, dia ny fijoroan'ny olompirenena sy ny handraisany andraikitra eto amin'ny firenena ka hiara-hientana aminy. Marihina hatrany, fa ny AFK, dia tsy fiangonana ary tsy hanao fiangonana no sady ihany koa tsy manao politika.

**Aris**



Ny filohan'ny AFK, Ricky Andriamparany.

Volley- ball Asief Analamanga 2023 andro faha-2

## Eny amin'ny Ltc Ampefiloha sy Capsat Soanierana no hatao

Eny amin'ny kianja Ltc Ampefiloha sy eny amin'ny kianja Capsat Soanieranano hatao, anio sabotsy 01 aprily 2023 izao, ireo lalao andro faharoan'ny fifaninanana volley ball Analamanga izay trokony ho notanterahina tamin'ny asabotsy heriny (25 martsa 2023) nefa voatery nahemotra noho ny tsy fahafahana nampiasa ny kianja tamin'io andro io. Fandaharan-dalao izay samy hanomboka amin'ny 08 ora avokoa : Kianja Ltc Ampefiloha : MMRS # SANTE, APMF # MEDD, JUSTICE # MEF 1. Kianja Capsat Soanierana : MEAH # PRM, PAOMA # MJS, AN # MEF 2.

**Rainilita**



Volley ball Asief.

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**25/03/2023 hatramin'ny 01/04/2023**

- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85/034 14 525 52
- **SAKAIZA** (Antohamadinika) 034 92 159 03/032 12 002 03
- **ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 22 236 81/ 033 90 338 34 / 034 48 788 96

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1420-04-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### Vehivavy marefo any Atsimon'ny Nosy

# Hampitombo fiarovana azy ireo i Etazonia tohanan'i Etazonia

Manampy ireo vehivavy any amin'ny faritra Atsimo sy Atsimo Atsinanan'i Madagasikara, izay miatrika haintany sy rivodoza, ny governemanta amerikana, miaraka amin'ny Tahirim-bolan'ny Firenena Mikambana momba ny Mponina (UNFPA) eto Madagasikara, amin'ny fitsrahana fanampiana ho fisorohana sy fanohanana ny fanararaotana aranofo.

Ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisampirenena (USAID) dia nanome famatsiam-bola mitentina 2 tapitrisa dolara ho an'ny UNFPA izay miasa eo anivon'ny distrika roa ambin'ny folo; ny distrika tsirairay dia niaina loza voajanahary miverimberina izay nanimba ny vokatra ara-pambolena sy ny fivelomana ary ny nampihena ny fisitrahana tolotra ara-pahasalamana fototra. Ireo toe-javatra ireo dia matetika mitarika disadisa sy herisetra ao an-tokantrano, fampanambadiana zanaka aloha loatra, tsy fahampian'ny fandrindrana fiainam-pianakaviana, ary mitarika indrindra ireo renim-pianakaviana handray fepetra tsy fidiny mba hamelomana ny zanany.

Ny UNFPA dia nividy toeram-pitsaboana "cliniques mobiles" miisa telo mba hisorohana ny herisetra mifototra amin'ny lahy sy ny vavy sy ny fanararaotana ankapobeny sy aranofo. Olona maherin'ny 100.000 no hisitraka fitsaboana amin'ny alalan'ny "cliniques mobiles", anisan'izany ireo olona manana fahasembanana maherin'ny 2.500.

"Eo anatrehan'ireo trangan-javatra vonjimaika ireo, ny herisetra mifototra amin'ny lahy sy ny vavy ary ny fanararaotana ankapobeny sy ara-nofo dia mijanona ho laharam-pahamehana lehibe ho an'ny UNFPA, indrindra ho an'ny vehivavy sy ny tovovavy atahorana hiharan'ny herisetra," hoy i Miranda Tabifor, Solontena Mpisolo Toerana eo anivon'ny UNFPA eto Madagasikara. "Ny 'cliniques mobiles' miisa telo dia hapetraka any amin'ireo vondrom-piarahamonina lavitra tobim-pahasalamana mba hanome tolotra ara-potoana sy tena ilaina ho an'ireo mponina ireo, mba hiantohana ny zo fototra ho an'ny rehetra."



***Cliniques mobiles, ho any amin'ny faritra Atsimo sy Atsimo Atsinanan'ny Nosy.***

Hanitatra ny fiofanana ho an'ny manampahefana eo an-toerana momba ny fisorohana ny fanararaotana ankapobeny sy ara -nofo ny tetikasa. Olona maherin'ny 19.000 no efa nahazo ireo tolotra ireo, anisan'izany ny fandrindrana fiainam-pianakaviana sy ny fanondroana izay ahafahan'ireo niharam-boina hianatra ny zony sy ny fidirana amin' ny tolotra manome fiarovana amin'ny fanararaotana ankapobeny sy aranofo. Amin'ny faran'ny taona 2023, ny UNFPA dia manantena ny hahatratra 170.000 mahery amin'ireo olona 2,23 tapitrisa any amin'ny faritra iasan'ny tetikasa.

"Ny fametrahana ireo 'cliniques mobiles' ireo dia tena manan-danja ho an'ireo vondrom-piarahamonina miatrika haintany sy loza voajanahary misesisesy, indrindra ho an'ny vehivavy marefo sy ny zatovovavy any Atsimo, ary manampy azy ireo hahay hiatrika izay mety ho loza ho avy izany," hoy ny Tale Jeneralin'ny USAID/Madagasikara, Anne Wiliams.

Ireo "cliniques mobiles" dia toeram-pitsaboana hahafahan'ireo vehivavy sy tovovavy misitraka fampahalalam-baovao, fitsaboana ary fanohanana ara-tsaina, ary koa hahafahan'ireo mpiantsehatra maro samihafa amin'ny fiarovana ny zon'ny vehivavy iharan'ny herisetra sy fanararaotana mba hiara-mirona hitondra ireo fanampiana azo atolotra rehetra eny anivon'ny faritra Androy , Anôsy , Atsimo Andrefana , Atsimo Atsinanana , Vatovavy , ary Fitovinany .


Toy ny " Mpirahalahy Mianala" i Etazonia dia miaramiombon'antoka amin'i Madagasikara amin'ny fiarovana ireo mponina marefo indrindra eto amin'ny firenena. Nanomboka tamin'ny taona 2015, dia nanome fanampiana maherin'ny 381 tapitrisa dolara ho an'ny fanampiana maha-olona sy ny fampandrosoana ho an'ny faritra Atsimo sy Atsimo atsinanan'i Madagasikara i Etazonia, tamin'ny alalan'ireo mpiara-miombon'antoka toa ny UNFPA.

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 429**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0428)

***Mitsivalana***
- Firenena
- Ala
- Navotana
- Irina – Do
- Ome
- Sira – Aho
- Lainga (miv)

***Mitsangana***
- Fanitso
- Ar
- Rovitra
- No (miv) – AG
- Natao
- Ela – May
- Nandeha
- Ao – Lo (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 429



**Mitsivalana**

**1.** Fanaka fihinanana **2.** Lehiben'orinasa (miv) – Fanasana mihaja (mi) **3.** Maneho fofona tsara – Mari-bola **4.** Mpanolotra – Henoko **5.** Habakabaka – Faran-teny **6.** Kosa (miv) – Marika **7.** Nandray **8.** Mampandeha ny fiarakodia (miv) **9.** Zava-diso, tsy marina – Heloka **10.** Kamban-telo – Manaraka ny amontana

**Mitsangana**

**A.** Raim-pianakaviana **B.** Esorinao – Santa **D.** Tanimbary **E.** Taova – Mpanoritra **F.** Fiampitana **G.** Iray sy iray (miv) – Lalam-pirenena – Marika (BR) **H.** Matoanteny **I.** Renintsoratra tsy mitovy – Nefaina vola **J.** Bibikely lalandava (miv) **K.** Miaraka amin'ny atsy – Milaza fananana

## Valiny Teny mifanaraka 0428

**Mitsivalana**

**1**.Fantarinao **2**. Io - Vono (miv) - Do **3**. Tranga - Fi(to) **4**. Ia (miv) - Ta - Lena **5**. Zavatra - Zo (miv) **6**. Any - Ravaka **7**. Na - Tamiko **8**. Sira (miv) - BNI **9**. Nenitoa - AA **10**. Ao - AB - Inri

**Mitsangana**

**A** Fitazanana **B**. Aorianareo **D**. Vy - In **E**. Tonta - Tsia **F**. Angatra - TB **G**. Roa - Rambo **H**. IV - Lavinay **I**. Fe - Aky **J**. Adinoko - Ar **K**. OO - Aza - Fay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Solontenan'ny Vehivavy TIM Analamanga, nanentana amin'ny hisoratanan'ny olona amin'ny lisi-pifidianana, teny Ambohipo Boriboritany faharoa.**









